# MANKATONY TOMPO NY MPINO DIA ILAZANY VAOVAO MAHAFALY

Genesisy 18.1-15

| | |
|---|---|
| **NY FAHATONGAVAN'NY MPITONDRA VAOVAO MAHAFALY** (GENESISY 18.1-2)<br>Teo ambaravaran'ny lainy i Abrahama indray andro. Indreo nisy olona telo lahy tazany. Anjely irak'Andriamanitra hitsidika an'i Abrahama sy hilaza vaovao mahafaly aminy ireo. Niangavy azy ireo mafy hivily ao aminy i Abrahama.<br>Tonga mamangy antsika **isan'andro** sy miteny amintsika koa Andriamanitra amin'ny alalan'ny baiboly araka izao vakintsika izao.<br><br>*Amin'ny alalan'ny inona moa no hitsidihan'Andriamanitra antsika **isan'andro?***<br><br>*Fenoy ny banga :* B..B.L.<br><br>Vavaka : misaotra Anao, Tompo ô, noho ny Vaovao Mahafaly izay vakinay **isan'andro** ao amin'ny Baiboly. Amin'ny anaran'i Jesoa. Amena.<br>Hira 512.1 | |
| **NY FAMPANDROSOANA NY MPILAZA VAOVAO MAHAFALY** (Genesisy 18.3-5)<br>Jereo ange izato fihetsik'i Abrahama **mamp**androso ny vahiny ao aminy. Tahaka ny hoe havany akaiky ery, nefa tsy fantany akory.<br>Raha tena tia an'i Jesoa tokoa ianao, dia tavo toy ny havanao ny olona rehetra indrindra izay mitondra ny Vaovao mahafaly na ny Filazantsara ho anao. Anisan'ireny ny **mpamp**ianatra Soratra Masina anao.<br><br>*Iza no atao toy ny havana sy namana ?*<br><br>Vavaka : Andriamanitra ô, ataovy mahay mandray tsara ny **mpamp**ianatra anay izahay, haharenesanay ny vaovao mahafaly avy Aminao.<br>Amin'ny anaran'i Jesoa .Amena.<br>Hira 530.1 | |
| **NY FANOMANANA SAKAFO HO AN'NY MPITONDRA VAOVAO MAHAFALY** (Genesisy 18.6-8)<br>Indro Abrahama mihazakazaka nampanao mofo, namono zanak'omby, naka ronono. Nataony **toy ny** fandraisana vahiny ambony mihitsy izao fanasana izao.<br>Tolory zava-tsoa **toy izao** nataon'i Abrahama izao koa ny irak'i Jesoa mitondra vaovao mahafaly ho anao sy mampianatra anao.<br><br>*Ataovy ny sarin'i Abrahama mitondra mofo ho an'ny vahiny.*<br><br>Vavaka : Jesoa ô, ataovy mahay manome zavatsoa ho an'ny irakao mitondra vaovao mahafaly ho anay izahay. Amin'ny anaranao ; amena.<br>Hira 441.3 | |

| | |
|---|---|
| **NY TENY NENTIN'NY MPITONDRA VAOVAO MAHAFALY**<br>(Genesisy 18.9-10a)<br>Tsy mba **tahaka** ny olombelona Andriamanitra. Rehefa nampanatena zavatra Izy dia tsy maintsy tanterahany, na dia maharitra ela aza. Ireto anjely telo ireto milaza mivantana amin'i Abrahama fa hiteraka i Saraha. Izay ilay vaovao mahafaly. Saraha anefa efa antitra.<br><br>*Fenoy ny banga :* « H.N.N. Z.Z.L.H. S.R.H. V.D.N.. »<br><br>Vavaka : Misaotra Tompo ô, fa mitondra fifaliana ho anay mandrakariva Ianao na dia mahantra sy malahelo aza izahay. Amin'ny anaran'i Jesoa. Amena.<br>Hira : 537.3 | |
| **NY TSY FINOANA NY VAOVAO MAHAFALY**<br>(Genesisy 10 10b-12)<br>Tsy misy vehivavy efa 90 taona ka mbola hiteraka. Andriamanitra anefa tsy voasakan'ny taona. Raha **nilaza** Izy fa hiteraka i Saraha dia hiteraka tokoa. Saingy i Saraha tsy matoky ny tenin'Andriamanitra ka **nihomehy**.<br>Hain'Andriamanitra ny manatanteraka izay **nolazainy** tamintsika noho ny fitiavany antsika.<br><br>*Nahoana i Saraha no **nihomeh**y ?*<br><br>*Ataovy sarin'olona mihomehy*.<br><br>Vavaka : Jesoa ô, mifona Aminao aho fa tsy mino ny teninao, sady tsy mankato Anao indraindray. Amin'ny anaranao. Amena.<br>Hira : 511.4 | |
| **NY FANAMAFISANA NY FILAZANA NY VAOVAO MAHAFALY**<br>(Genesisy 18.13-15)<br>Fantatr'Andriamanitra fa nihomehezan'i Saraha ny Vaovao Mahafaly voalazan'ny anjely. Koa dia nohamafisiny indray fa hiteraka izy ary nolazainy mihitsy ny fotoana hahaterahany : afaka herintaona. Zazalahy io zaza ho teraka io.<br>**Indraindray** tsy mino ny tenin'Andriamanitra isika, kanefa manamafy izany teniny izany **mandrakariva** Izy amin'ny alalan'ny mpanompony .<br><br>*Iza no mamerimberina ny tenin'Andriamanitra amintsika* ?<br><br>Vavaka : Tompo ô, misaotra Anao fa tia anay Ianao, ka mandresy ny fisalasalanay mba hinoanay ny Teninao. Amin'ny anaran'i Jesoa. Amena.<br>Hira 511.6 | |
| Tsianjery : **« Ary sambatra ianao izay nino, fa hefaina izay zavatra nampilazain'ny Tompo taminao. (Lioka 1.45)** | |